# MOFONAINA 04 JOLAY 2025

FMSM Z040725

## 1 TESALONIANINA 2:1-12

### I. BOKY

Mpanoratra: Paoly Apôstôly
Daty sy Toerana: Manodidina ny taona 50 taorian'i Kristy, avy any Korinto.
Nanoratana: Fiangonana tao Tesalonika niorina araka ny voalaza ao amin'ny Asa 17,1-15 (ao Torkia ankehitriny), tanàna grika lehibe ara-barotra sy ara-pivavahana.
Antony nanoratana: Mampahery ny finoan'ny Kristianina vao nino sy manazava ny toetran'ny fitoriana nataony.Fampianarana mikasika ny « parousie ».
2. Drafitry ny boky (1 Tesalonianina)

Fampidirana sy fisaorana (1:1-10)

Fijoroana ho vavolombelona sy fitantarana ny asan'ny Apôstôly (2:1-16)

Fahasahiranana sy fitsapana ary fankaherezana (2:17-3:13)

Famporisihana amin'ny fiainana masina (4:1-12)

Fampaherezana momba ny fiavian'i Kristy (4:13-5:11)

Fampianarana farany sy veloma (5:12-28)

### II. FAMAKAFAKANA 1 TES 2:1–12

A. And. 1–2: Fahasahiana sy fanoloran-tena

Paoly sy ny mpiara-miasa aminy dia nitory tamin'ny fahasahiana na dia notsaraina mafy tany Filipy aza.

Nambaran'izy ireo ny Filazantsara tsy tamin'ny teny foana, fa tao anatin'ny herin'Andriamanitra.

Voambolana teolojika:

Kenos (κενός) = Foana, tsy misy vokatra

Parrêsia (παρρησία) = Fahasahiana mitory

Pathês (πάθης) = Fijaliana mafy

B. And. 3–4: Teny avy amin'Andriamanitra, tsy amin'ny fitaka

Tsy nitory amin'ny fitaka na fikasana ratsy izy ireo.

Teny nambaran'izy ireo dia avy amin'Andriamanitra, ka notsapain'Andriamanitra aloha ny fony.

Voambolana teolojika:

Planē (πλάνη) = Fitaka, fiviliana

Paraklēsis (παράκλησις) = Fampaherezana

Dokimazō (δοκιμάζω) = Fitsapana ara-panahy

D. And. 5–6: Tsy nitady fiderana avy amin'olona

Tsy nanao teny mamy manambaka na nihevitra hahazo vola tamin'ny filazantsara izy ireo.

Tsy nitady voninahitra avy amin'olombelona.

Voambolana teolojika:

Kolakia (κολακίας) = Fiteny manambaka

Martus (μάρτυς) = Vavolombelona

E. And. 7–9: Fihetsika feno fitiavana toy ny reny sy ray

Naneho fiahiana sy fitiavana lalina izy ireo, toy ny reny mitaiza.

Nanao asa mafy izy ireo mba tsy ho vesatra amin'ny fiangonana.
Voambolana :
Trophos (τροφός) = Reny mpitaiza
Psuchē (ψυχή) = Fanahy/aina, fanolorana tena

F. And. 10–12: Fiainana mendrika sy fanabeazana ara-panahy

Fiainany dia madio sy mahitsy teo anatrehan'ny olona sy Andriamanitra.

Nanome fananarana sy fanentanana tahaka ny ray amin'ny zanany.

Nampirisika hanaraka fiainana mendrika an'Andriamanitra.

Voambolana teolojika:

Axiōs (αξίος) = Mendrika

Fanentanana sy fananarana = fomban'ny ray ara-panahy

### III. HEVITRA TEOLOJIKA SY FAMPIHARANA

Ny fitoriana ny Filazantsara dia mitaky fahasahiana, fahadiovam-po, fitiavana lalina, ary fiainana manambara an'i Kristy.

Ny mpitory dia tsy tokony hitady fiderana na tombontsoan-tena, fa hiaina amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

Ny fanabeazana ara-panahy dia mitaky toetra maha-ray sy maha-reny: fitiavana, faharetana, fanitsiana.

### IV. FANONTANIANA HO AN'NY ADIHEVITRA

**Ahoana no ahafahantsika mitory amin'ny fahasahiana sy fahadiovam-po?
**Inona no manavaka ny fitoriana marina amin'ny fitadiavam-boninahitra sy ny fitiavam-bola?
**Mety ho ray sy reny ara-panahy ho an'iza ianao amin'ny fiainanao?
**Ahoana no hanatanterahana fiainana mendrika an'Andriamanitra eo amin'ny asa sy ny fiaraha-monina?

Scanné avec CamScanner